



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitavahana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO  
FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA  
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-5

FIFIDIANANA IZAY HO KESTORA VOALOHANY, FAHAROA, FAHATELO  
ARY NY MPAMPAKATENY JENERALY SY NY MPAMPAKATENY JENERALY LEFITRY  
NY ANTENIMIERAMPIRENENA

Fivoriana faha-5  
Natao ny  
Alakamisy 11 Jolay 2024  
- Alina -

ce H-07-24  
JCE PV  
V  
cda w-01  
Collection QT-AGA  
86

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa ANDRIAMANANORO R Augustin  
- Ramatoa FOMENDRAZA Haingo Elisette

**FOTOANA:** Alakamisy 11 Jolay 2024, tamin'ny 9 ora sy 35 minitra, alina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana izay ho Kestora Voalohany, Faharoa, Fahatelo ary ny Mpampakateny Jeneraly sy ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra.

Nitohy tamin'ny 9 ora sy 35 minitra, alina, ny fivoriana ka Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Fifidianana izay ho Kestora Voalohany, Faharoa sy Fahatelo ary ny Mpampakateny Jeneraly sy ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra no tohin'ny fandaharam-potoana.

Talohan'ny nirosoana tamin'ny fandaharam-potoana dia nilaza, Andriamatoa Filoha, fa misy fanambarana amin'ny fomba ofisialy tonga eo am-pelan-tànany mikasika ny filazana ny fisian'ny Vondrona Parlemantera nametraka ny antontan-taratasy eto amin'ny Antenimierampirenena, araka ny voalazan'ny andininy faha-32-n'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, misy telo izy ireo, ka ireto avy izany:

- Ny Vondrona Parlemantera Firaisankina avy amin'ny fanoherana, ahitana mpikambana miisa 22, ka ny Solombavambahoaka RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina no Filohany;
- Ny Vondrona Parlemantera "Union Parlementaire pour la Démocratie" (UPAD), misy mpikambana miisa 17 ary ny Solombavambahoaka RAKOTOSON Hubert no Filohany ;
- Ny Vondrona Parlemantera "Groupe Parlementaire pour le Rassemblement des Indépendants" (GPRI), ka ny ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa no Filohany.

Manarak'izay, araka ny fantatra, misy ny atao hoe «Chef de l'opposition parlementaire» koa tokony hipetraka eto anivon'ny Antenimierampirenena, ka ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry no voatendry amin'izany toerana izany araka ny fivoriana nataon'ny Vondrona Parlemantera Firaisankina, tamin'ny Talata 9 Jolay 2024. Izany dia natao ho fampiharana ny andininy faha-14, andalana faha-3 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, namabaran'Andriamatoa Filoha, fa ireto avy ireo Solombavambahoaka hilatsaka hofidina amin'ny toerana araka ny voalaza etsy amin'ny fandaharam-potoana:

- Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, no nirotsaka hofidina ho Kestora Voalohany.
- Ramatoa ANDRIANASOLO Nadine no nirotsaka hofidina ho Kestora Faharoa.

- Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra no nirotsaka hofidina ho Kestora Fahatelo.
- Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert no nirotsaka ho Mpampakateny Jeneraly
- Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson no nirotsaka ho Mpampakateny Jeneraly Lefitra

Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera no nanao ny fampahafantarana an'ireo kandida miisa dimy. Talohan'izany, fiarahabana an'Andriamatoa Filoha sy ireo Filoha Lefitra vao lany tamin'ny fifidianana teo sy ny Filohan'ny "opposition parlementaire" no voalohan-teniny.

Nambarany fa izy no solotenan'ny Vovonana IRMAR hampahafantatra ireo mpilatsaka hofidina amin'ireo toerana voalaza teo ireo. Samy manana ny maha izy azy ireo Solombavambahoaka ireo matoa narotsaka hofidina amin'ny andraikitra goavana izay hosahaniny eto anivon'ny Antenimierampirenena raha atao bango tokana ny fanambarany. Eo anatrehan'izany, mitaona ny Solombavambahoaka rehetra mba hifidy azy dimy mianadahy amin'ny latsabato 100%.

Nomarihany fa nahazo tsodrano tamin'ny Filohampirenena ihany koa izy ireo amin'ny hanatanterahany ny asany eto anivon'ny Antenimierampirenena na samy manana ny antoko politika misy azy avy.

Taorian'izay dia nanome fitenenana ireo Solombavambahoaka mbola manan-kolazaina momba ireo kandida, Andriamatoa Filoha.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa no nitondrany fiarahabana ho an'Andriamatoa Filoha sy ireo Filoha Lefitra miisa fito mba hahavita be amin'ny asa masina hataony.

Nambarany fa manolotra an'Andriamatoa RAHILOJAONA Harson, ho amin'ny toeran'ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra, ny GPRI izay tarihiny. Fanentanana ny Solombavambahoaka, mba hifidy azy sy izy efatra mianadahy no namaranany ny teniny.

Andriamatoa ROKOSON Hubert kosa nanentana hatrany ny Solombavambahoaka, mba hifidy an'ireo kandida miisa dimy na dia nanindry ny fanentanana manokana amin'ny hifidianana ny Kestora Voalohany, Fahatelo ary ny Mpampakateny Jeneraly.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety kosa tahaka ny namany teo aloha dia nanentana ny Solombavambahoaka hifidy an'ireo kandida dimy ho amin'ny toerana efa voalaza teo ary nanambara fa tsy tokony hisy intsony resaka ady lahy politika satria efa voatendry ny Filohan'ny mpanohitra ato amin'ny parlemanta. Noho izany, hevitra hahasoa ny firenena amin'izay no tokony hatao fa tsy haneho fanoherana amin'ny tsy fitiavana olona.

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques indray nanambara fa tsy avy amin'ny Vovonana Firaisankina no sakana tsy hahalany an'ireo Solombavambahoaka narotsaka hofidina ho amin'ny toerany ireo, fa vonona ny handatsabato ho azy ireo 100% ny Vovonana Firaisankina.

Fisaorana amin'ny nanendrena ny Filohan'ny mpanohitra ato amin'ny parlemanta no namaranany ny teniny.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, nambarany fa ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny "Non affilié" sy ny FIVOI dia tsy ho sakana amin'ny fifidianana hatao anio, koa manentana ny rehetra mba hifidy azy ireo ihany koa.

Taorian'izay, nisaotra ny Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenana, Andriamatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny fandatsaham-bato amin'izay ny mpivory.

Marihana fa taratasin-datsabato tokana (bulletin unique) no nampiasaina tamin'izany ary ny fizotry ny latsabato dia atao tahaka ny nifidianana ny Filoha sy ny Filoha Lefitra ihany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny latsabato ny Solombavambahoaka.

Rehefa vita ny fifidianana dia niangavy izay Solombavambahoaka hanatanteraka ny fanisambato, Andriamatoa Filoha, ka ireto avy izany:

- RAKOTOMALALA Bili Golbert
- MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa
- MENAVOLO Alban
- MONG Mann Bismark
- GOULAMALY Jacques Bruno

Toy izao ny vokatry ny latsa-bato:

- **Kestora Voalohany:**  
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163  
Isan'ny mpandatsa-bato: 148  
Vato azon'Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco: 147  
Vato fotsy: 01
- **Kestora Faharoa:**  
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163  
Isan'ny mpandatsa-bato: 148  
Vato azon-dRamatoa ANDRIANASOLO Nadine: 145  
Vato fotsy: 03
- **Kestora Fahatelo:**  
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163  
Isan'ny mpandatsa-bato: 148  
Vato azon-dRamatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra: 140  
Vato fotsy: 08
- **Mpampakateny Jeneral**  
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163  
Isan'ny mpandatsa-bato: 149  
Vato azon'Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert: 148  
Vato fotsy: 01



- **Mpampakateny Jeneraly Lefitra**  
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 163
- Isan'ny mpandatsa-bato: 149
- Vato azon'Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson: 146
- Vato fotsy: 03

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ho:

**Kestora Voalohany:** Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco

**Kestora Faharoa:** Ramatoa ANDRIANASOLO Nadine

**Kestora Fahatelo:** Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina

**Mpampakateny Jeneraly:** Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert

**Mpampakateny Jeneraly Lefitra:** Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson

Taorian'izay, niarahaba sy nirary soa ho azy ireo hahatanteraka ny andraikitra hosahaniny, Andriamatoa Filoha sy nanambara koa fa feno ny isan'ny mpikambana mandrafitra ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena amin'izao fotoana izao.

Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, Kestora Voalohany, no nislotena ny Solombavambahoaka dimy mianadahy vao lany teo, ho mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena, ka fisaoran ny rehetra nametraka fitokisana tamin'izy ireo no nataony ary niarahaba an'Andriamatoa Filoha ihany koa amin'ny hitarihany ny Antenimierampirenena Malagasy.

Nanao satroka, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, ka nomena fitenenana. Nambarany, raha azo atao, aleo mba hahemotra rahampitso amin'ny 9 ora, maraina, ny fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomiera Maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena, satria efa alina ny andro sady mitaky koa ny havizanana.

Namaly, Andriamatoa Filoha, fa rariny tokoa izay fangatahana izay. Noho izany, hatao rahampitso ny fifidianana voalaza teo ary aorian'izay, manao ny famaranana ny fivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2024, isika.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahivin'Andriamatoa Filoha, fa rahampitso Zoma 12 Jolay 2024 no hatao ny fifidianana ny Filohan'ny Vaomiera maharitra eto Antenimierampirenena ary aorian'izay no hatao ny famaranana ny fivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2024.

Niato tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA



TOKELY Justin